


**Villa Berlin, 03 Oktobra 2016. Ampahan'ny kabarin'ny Ambasadaoro Harald Gehrig**

Na dia andron’ny firaisan-kinan’ny Allemagne aza androany dia mamelà ahy hamaràna ny lahateniko amina jery todika mikasika an’i Madagasikara : ny fifidiana solombavambahoaka sy ny fifidianana filoham-pirenena taminy faran’ny taona 2013 dia nanome taratra mazava sy fanantenana be dia be ho an’ny Allemagne mikasika ny fifandraisana ara-diplomatika sy ny fiverenan’ny fiaraha-miasa ho an’ny fampandrosoana izay nihena be taorian’ny tranga niseho (putsch) taminy 2009. Ny fifidianana kaominaly eran’i Madagasikara, taminy volana jona 2015 sy ny fifidianana loholona taminy faran’ny volana desambra 2015 dia noraisina toa dingana vaovao sy lehibe ho an’ny fandrafetana demokrasia tena mihatra eto Madagasikara. Tiako tsipiana anefa fa : raha tsy misy ny fanjakana tsara tantàna ; raha tsy misy ny fitsaràna sy fitondram-panjakana mifanàja, manaraka sy mampihatra ny lalàna ; raha tsy misy vahoaka manana fitokisana amin’ny fitsaràna, ny lalàna sy ny fampiharana azy ireo tsy mitanila, dia poak’aty ihany ny demokrasia, ka raha mitohy izany toe-javatra izany dia ny ara-drariny mihitsy no tsy hitombona intsony, any ka na dia mpisehatra manan-danja sy tomponandraikitra ara-sosialy aza dia mety handaha ny fiaraha-miasany.

## ATO NY KABARY MANONTOLO AMINY TENY FRANTSAY